# Manao izay hisian'ny aroloza rehefa mampiasa ny teknôlôjia

Eritrereto ireo fanamby atrehanao ankehitriny momba ny fampiasana ny teknôlôjia. Hevero ny fomba hahafahan'ireto aroloza avy ao amin'ny *Torio ny Filazantsarako* manaraka ireto manampy anao manoloana ny toe-javatra misy anao.

## Aroloza 1: Araho ireo bitsiky ny Fanahy

Hevitra vitsivitsy:

- Mivavaha mba hahazoana fitarihana ny amin'ny fomba hampiasana ny teknôlôjia amim-pahamarinana.
- Raketo ao amin'ny diarinao ireo fahatsapana azonao mikasika ireo fitaovana nomerikanao.
- Ataovy laharam-pahamehana ny fahazarana manasa ny Fanahy, toy ny fandalinana ny soratra masina, ny vavaka, ary ny asa atao any amin'ny tempoly.

## Aroloza 2: Mifantoha amin'ny tanjonao amin'ny maha-misiônera anao

Hevitra vitsivitsy:

- Isorohy ny fampiasana ny fitaovanao rehefa tsy manana tanjona voafaritra tsara ao an-tsaina hanaovana izany ianao.
- Mialoha ny hampiasa teknôlôjia dia anontanio ny tenanao hoe hanasa ve sa hanakana ny fiarahana amin'ny Fanahy Masina ny fampiasana izany.
- Raha mampiasa tambajotran-tserasera ianao dia olona hanampy anao hijanona ho akaikin'ny Tompo ihany arahina.

## Aroloza 3: Mahaiza mifehy Tena

Hevitra vitsivitsy:

- Rehefa miaraka aman'olona ianao dia apetraho aloha ny fitaovana ary mifandraisa amin'ireo olona manodidina anao.
- Ametraho fetrany isan'andro ny fijerenao efijery.
- Manàna toerana handraràna ny fampiasana fitaovana, toy ny efitra fatoriana na ny toeram-pidiovana.
- Rehefa mahatsiaro hoe marefo sy alaim-panahy ianao dia vonoy ny fitaovana ary mandehana mandeha an-tongotra kely aloha.

## Aroloza 4: Aoka ho iray

Hevitra vitsivitsy:

- Mangataha fanampiana amin'ny olona iray akaikin'ny fonao rehefa mahatsapa ho marefo na alaim-panahy ianao.
- Zarao amin'ny olona iray atokisanao ny drafitrao amin'ny fampiasana ny teknôlôjia amim-pahamarinana.
- Eritrereto hoe amin'ny fomba ahoana no hahafahanao ho namana azo itokisan'ny hafa.

Soraty eto ambany ny drafitrao.

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80025866_654_012